# FAMPIOFANANA NY MPANENTANA ARA – PAHASALAMANA ENY ANIVON'NY FIARAHAMONINA MOMBA NY FAHASALAMANAN'NY RENY SY NY ZAZA MENAVAVA

BOKIN'NY MPAMPIOFANA

*Aprily 2013*

Ity boky ity dia novokarina tamin'ny fanomezana mahafatrapo nataon'ny vahoaka amerikana ho an'ireo sehatr'asa vatsin'ny vondron'ny fampandrosoana amerikanina (USAID)
Tompon'andraikitra tanteraka ny amin'ny zavatra voalaza ato ny oron'asa Jhpiego/Mchip ary tsy voatery mifanaraka amin'ny fihevitry ny USAID na ny governemanta amerikanina aza izany.

# FIZAHAN-TAKELAKA

TENY FAMPIDIRANA ..... 4
TOPIMASO ANKAPOBENY ..... 5
FIOFANANA NY MPANENTANA ARA-PAHASALAMANA ENY ANIVON'NY FIARAHA MONINA MAHAKASIKA NY FAHASALAMAN'NY RENY SY NY ZAZA MENAVAVA ..... 6
A. NY ZAVA-KENDREN'NY FIOFANANA ..... 6
B. NY TANJONA ANKAPOBEN'NY FIOFANANA ..... 6
C. NY TANJONA ANELANELAN'NY FIOFANANA ..... 6
NY FANDAHARAM-POTOAN'NY FIOFANANA ..... 7
MCHIP SY TETIKASA MISAHANA NY FAHASALAMANA NY RENY SY NY ZAZA MENAVAVA ..... 8
FIZOTRAN'NY LESONA ..... 10
LESONA 1: Fahasarotana mateti-pitranga eo amin'ny reny sy ny zaza menavava, ny fianakaviana ary ny fiaraha-monina ..... 10
LESONA 2: Lamina fiterahana. ..... 15
LESONA 3: Lamina fahamehana ..... 21
LESONA 4: Fanasana tanana ..... 26
LESONA 5: Fomba fizahana ny vehivavy vao teraka. ..... 31
LESONA 6: Fihetsika vonjitaitra fameloman'aina ny reny vao teraka. ..... 36
LESONA 7: Fomba fizahana ny zaza vao teraka. ..... 43
LESONA 8: Fihetsika vonjitaitra fameloman'aina ny zaza vao teraka ..... 47
LESONA 9: Ny fiterena ny rononon- dreny ..... 52
LESONA 10: Fanangonana antontan'isa sy fanaovana tatitra ..... 58
TAKELAKA FANAMPINY ..... 61

# TENY FAMPIDIRANA

I Madagasikara dia anisan'ireo firenena izay nanao fanekenena eo amin'ny ezaka fanatratrarana ny tanjon'ny fampandrosoana ny taona roa arivo. Anisan'izany ny fampidinana ¾ ny salan'isan'ny fahatesana ny reny ary 2/3 ny an'ny zazakely hatramin'ny taona 2015.
Ny minisiteran'ny fahasalamana sy ireo mpiaraombon'antoka aminy dia miasa fatratra mba hatratrarana ny tanjona amin'ny taona 2015 io.
Maro ireo tetik'asa sy fomba hita mahomby ampiarina amin'ny fampiasana ny olona, ny fitaovana ary ny vola, mba hanomezana fahalalahana ho an'ireo singan'olona tsy manatsafidy dia ny reny sy ny zaza ahazo fitsaboana mifanaraka amin'ny filany. Fa indrindra ireo monina amin'ny toerana sarotra aleha sy lavitra andriana izay tsapa fa mbola tena maro tokoa eto Madagasikara.
Anisan'ny vahaolana nifaneken'ny besimaro dia ny fampiasana ireo mpanentana eo anivon'ny fiarahamonina (AC). Ireto farany moa dia mpilatsaka an-tsitrapo (misy ihany ny mason-tsivana amin'ny fantina) manampy ireo mpiasan'ny fahasalamana amin'ny fanentanana ny mpiara – monina mikasika ny fikaroana ny fahasalamana sy ny fitandroana izany.
Mba ahafahan'ny mpanentana manatanteraka ny asany mifanaraka amin'ny fenitra dia tsy maintsy omena fahaiza-manao sy fahalalana izy ireo. Izany no anton'ny fampiofanana atao mikasika ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza menavava. Afaka manavotra aina tokoa ireo mpanentana raha toa ka atoro azy ireo ny fihetsika tsotra sy maika ataony amin'ny reny sy zaza menavava alohan'ny handehanana eny amin'ny tobimpahasalamana.
Ny tombony betsaka indrindra dia « tsy ho very aina intsony ireo reny manome aina! » izay mipetraka any amin'ireo toerana lavitra andriana.

# TOPIMASO ANKAPOBENY

## A. NY FOMBA HITONDRANA NY FIOFANANA

Ny fomba fampianarana ao anatin'ity fiofanana ity dia miavaka amin'ny fomba fampianarana mahazatra satria mampiasa ny fomba fampianarana ny olon- dehibe. Ireto avy ireo fototra iorenan'izany fampianarana izany:

- mahasarika ny olon- dehibe ny votoatin'ny lesona mifanaraka amin'ny andrasany.,
- faniriana hanatsara hatrany ny fahaizany, ny fahaiza- manao ary ny fanatsarana ny fomba-fiasa ;
- faniriana andray anjara mavitrika mandritry ny lesona.

## B. MIANATRA MBA TENA AHAY

Ny mpiofana tsiariray dia afaka tena ahay raha toa ka omena fotoana sahaza tsara, ary fomba fampianarana mifanaraka amin'ny olona ampianarina no ampiasaina. Ny tanjona tiana ho tratrarina amin'izany dia ny 100% ny mpiofana no « tena ahay » mba ampihena ny loza mety hitranga amin'ny olona karakaraina ary ahamora ny fampianarana.

# FIOFANANA NY MPANENTANA ARA-PAHASALAMANA ENY ANIVON'NY FIARAHA MONINA MAHAKASIKA NY FAHASALAMAN'NY RENY SY NY ZAZA MENAVAVA

## A. NY ZAVA-KENDREN'NY FIOFANANA

Ity fiofanana ity dia miditra ao amin'ny paik'ady fampihenenana ny taham- pahafatesan'ny reny sy ny zaza amin'ny alalan'ny fanentanana ireo vehivavy bevohoka sy ny manodidina azy amin'ny fisorohana ireo fahasarotana mateti-pitranga mandritra sy aorian'ny fiterahana ary koa ny fitandrovana ny ainy mandrapaha tonga azy eny amin'ny tobimpahasalamana, amin'ny alalan'ny ireo fihetsika vonjitaitra raha sendra tratry ny fahasarotana izy ireo.

## B. NY TANJONA ANKAPOBEN'NY FIOFANANA

Aorian'ity fiofanana ity, ny mpiofana tsirairay dia ho afaka:

1. Hisoroka ny fahasarotana mateti-pitranga amin'ny vehivavy bevohoka, eo ampiterahana na aorian'ny fiterahana, amin'ny alalan'ny fanentanana.
2. Mandray an-tanana vonjimaika ireo fahasarotana eo am-pahaterahana sy aoriany miseho eo amin'ny reny sy ny zaza menavava mandrapahatonga azy ireo eo anivon'ny toeram-pitsaboana.

## C. NY TANJONA ANELANELAN'NY FIOFANANA

Aorian'ity fiofanana ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka:

1. Manabe ireo vehivavy bevohoka sy ny manodidina azy amin'ny fiterahana ieren- doza sy ny fametrahana ny lamina fiterahana.
2. Manabe ireo vehivavy bevohoka sy ny manodidina azy amin'ny fahametrahana ny lamina vonjitaitra.
3. Manabe ireo vehivavy bevohoka sy ny manodidina azy amin'ny fisorohana ny fifindrana sy ny fiparitahan'ny otrik'aretina eo amin'ny reny sy ny zaza menavava mandritry ny fiterahana sy aoriany.
4. Mahafehy ireo fihetsika vonjitaitra manoloana ny fahasarotana mety hitranga amin'ny vehivavy na ny zaza mena vava, anisan'izany ny fanorana tranon-jaza, ny trotro ankoditra sy ny fiterena rononon-dreny.

## NY FANDAHARAM-POTOAN'NY FIOFANANA

| ORA | A1 | A2 | A3 |
|---|---|---|---|
| 8 - 10 ora | - Fandraisana ireo mpiofana<br>- Fanokafana ofisialy<br>- Fifankafantarana<br>- Topimaso ankapoben'ny fiofanana.<br>- Famaritana ny andrasan'ny mpiofana sy ny fifampifehezana<br>- Zava-kendrena sy ny tanjon'ny fiofanana<br>- Fandaharampotoana.<br>- Fandraisana an-tanana ireo mpiofanana<br>- Fitsapana mialoha | Taranja 3: FANDRAISANA AN-TANANA VONJITAITRA IREO FAHASAROTANA<br>Lesona 5: Fomba fizahana ny vehivavy vao teraka.<br>Lesona 6: Fihetsika vonjitaitra fameloman'aina ny reny vao teraka. | FITSAPANA FAMARANANA<br><br>FAMPIHARANA NY FANENTANANA |
| 10 – 10 ora 15 | Fiatoana | | |
| 10 ora 15 - 12 ora 30 | Taranja 0: NY TETIKASA MCHIP<br>Lesona 0: Andraikitry ny Mpanentana ara-pahasalamana<br><br>Taranja 1: FITERAHANA IEREN-DOZA SY IREO LAMINA FIOMANANA<br>Lesona 1: Fahasarotana mateti-pitranga eo amin'ny reny sy ny zaza menavava , ny fianakaviana ary ny fiaraha-monina<br><br>Lesona 2: Lamina fiterahana. | Lesona 6: Fihetsika vonjitaitra fameloman'aina ny reny vao teraka. (Tohiny).<br><br>Lesona 7: Fomba fizahana ny zaza vao teraka. | FAMPIHARANA NY FANENTANANA<br><br>FANKATOAVANA NY FAHAIZA-MANAO FANENTANANA |
| 12 ora 30 à 13 ora 30 | Fisakafoanana | | |
| 13 ora 30 à 16 ora 30 | Lesona 3: Lamina fahamehana.<br><br>Taranja 2: FIAROVANA FOTOTRA AMIN'NY OTRIK'ARETINA.<br>Lesona 4: Fanasana tanana | Lesona 8: Fihetsika vonjitaitra fameloman'aina ny zaza vao teraka.<br><br>Lesona 9: Ny fiterena ny rononon- dreny | FANKATOAVANA NY FAHAIZA-MANAO FANENTANANA<br><br>TOMBAN'EZAKA<br><br>FAMARANANA |

## MCHIP SY TETIKASA MISAHANA NY FAHASALAMANA NY RENY SY NY ZAZA MENAVAVA

### FILAZANA ANKAPOBENY

Ny MCHIP izay vatsian'ny USAID vola dia tetikasa misahana firenena maro eran-tany. Eto Madagasikara ny MCHIP dia nanomboka tamin'ny 2010 ary misahana manokana ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza menavava.

Ity tetikasa ity dia tantanin'ny Jhpiego izay fikambanana tsy miankina amerikana manana fahaiza-manao manokana eo amin'ny fokarohana, ny fahasalamana, ka anisan'izany ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza, ny ady amin'ny Sida/Tazo moka/tiberkilaozy, ny fahasalamana ara-pananahana, ny fanabeazana aizana.

Ny foiben'ny

### TARIGETRA

Miara-miasa amin'ireo mpisehatra ary mandray anjara amin'ny fampihenana ny taham-pahafatesan'ny reny sy ny zaza amin'ny alalan'ny fisorohana sy ny fandraisana an-tananana ireo fahasarotana 4 mateti-pitranga eto Madagasikara: Fahaverezan-dra be loatra eo amin'ny vehivavy vao teraka, ny fanintona vehivavy bevohoka, ny fahasemporana mahazo ny zaza vao latsaka ary ny fiparitahan'ny otrikaretina eo amin'ny zaza vao teraka.

### ANDRAIKITRY NY TETIKASA

Maro ny andraikitra sahanin'ny tetikasa, singanina amin'izany ireto ambany:

- Manofana ireo mpitsabo sy ny mpampivelona amin'ny fisorohana sy fandraisana an-tanana ireo fahasarotana 4 matetipitranga.
- Manofana ireo mpanentana ara-pahasalamana amin'ny fisorohana sy fandraisana an-tanana ireo fahasarotana 4 matetipitranga.
- Manofana ireo mpampianatra mpampivelona amin'ny fomba fampianarana.
- Mamatsy boky, sy fitaovana madinika ireo.

### TOERANA IASANA

Ny foiben'ny Jhpiego eto Madagasikara dia ao amin'ny immeuble Santa Antanimena, Antananarivo. Manana masoivoho telo any amin'ny faritra koa ny fikambanana: Ambatondrazaka, Tolaganro ary Fenoarivo atsinana.

Ankoatr'izay dia manofana ireo mpitsabo tsy miankina manerana an'I Madagasikara ny teikasa amin'ny alalan'ny fiaraha-miasany amin'ireo fikambanana miankina amin'ny Fiangonana: SAF, SALFA, EKAR Santé ary SANTE SUD.

### ANDRAIKITRY NY MPANENTANA ARAPAHASALAMANA AO ANATIN'NY TETIKASA.

Ny AC dia mandray andraikitra eo amin'ny fiarovana ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza vao mena vava amin'ny alalan'ny fanentanana mikasika:

- Ny fahadiovana,
- Ny tsidika roa atao aorian'ny fiterahana,

- Ireo fambara loza momba ny reny,
- Ireo fambara loza ho an'ny zaza vao mena vava,
- Ny lamina fahamehana,
- Ireo fomba am-panao tokony ho fadiana satria sakana ho an'ny fahasalamana.

Mba hatanterahany izany andraikitra izany dia misy asa tokony ho tontosainy alohan'ny hanaovany izany fanentanana izany dia:

- Fampiharana ny lamina fahamehana napetraka,
- Fandraisana an- tanana ny tranga miseho,
- Fandraisana nyreny sy ny zanany.

| Fikarakarana fiarovana 1 (Manentana) | Fikarakarana fiarovana 2 (fihetsika atao alohan'ny handehanana eny amin'ny toby): |
|---|---|
| Mikasika :<br>• fahadiovana<br>• tsidika roa na telo aorian'ny fiterahanana fandehanana eny amin'ny tobimpahasalamana mba ho zahana<br>• Fambara loza ho an'ny reny<br>• Fambara loza ho an'ny zaza menavava<br>• Lamina fahamehana<br>• Ireo fomba amam-panao mety ho sakana amin'ny fahazahoana ny fahasalamana | • Fampiharana ny lamina fahamehana<br>• Fandraisana an-tànana ny tranga misehoarak'izay azo atao<br>• Fandresen-dahatra amin'ireo sakana tsy afahana manantanteraka ireo toetra tiana ho atao<br>• Fiarahana amin'ny reny na reny sy ny zanany ho eny amin'ny tobimpahasalamana |

## FIZOTRAN'NY LESONA

TARANJA 1: FITERAHANA IEREN-DOZA SY LAMINA FITERAHANA

### LESONA 1: Fahasarotana mateti-pitranga eo amin'ny reny sy ny zaza menavava, ny fianakaviana ary ny fiaraha-monina

## VOTOATIN'NY LESONA

Eto Madagasikara, maro dia maro ireo renim-pianakaviana sy zaza menavava izay maty eo am-piterahana na ao anatin'ny herinandro aorian'ny fahaterahana.

Ity lesona ity dia hanampy ireo mpanentana ara-pahasalamana ahafantatra bebe kokoa mahakasika ireo fahasarotana mitranga amin'ireo renim-pianakaviana sy ny zaza menavava, ny fahasahiranana mety hiainany, mba ahafahany manabe azy ireo, sy ny fiaraha-monina ho amin'ny fiterahana ieren-doza.

## TANJONA MANOKANA

Rehefa tapitra ny lesona, ny mpiofana dia tokony ho afaka:

1. Mitanisa aretina 4 mety hahafaty ny reny mandritry ny fitondrana vohoka, ny fiterahana ary aorian'ny fiterahana.
2. Mitanisa aretina 6 mety ahafaty ny zaza vao teraka ary aorian'ny fahatarehana.
3. Manazava ireo fahasarotana eo anivon'ny fianakaviana sy ny fiaraha-monina manamora ny fahahafatesan'ny reny sy ny zaza menavava.

FAHARETANY: 50'

DRAFITRY NY LESONA

TARANJA 1: FITERAHANA IEREN-DOZA SY IREO LAMINA FIOMANANA

Lesona 1: Fahasarotana mateti-pitranga eo amin'ny reny sy ny zaza menavava, ny fianakaviana ary ny fiaraha-monina

| TANJONA MANOKANA | LOHA- HEVITRA | FAHARETANY: 60' | FIZOTRAN'NY LESONA | FITAOVANA FAMPIANARANA |
| --- | --- | --- | --- | --- |
| Rehefa tapitra ny lesona, ireo mpiofana dia tokony ho afaka: | FAHASAROTANA MATETI-PITRANGA EO AMIN'NY RENY | 3' | - Fanafanana ny sehatra | |
| | | 2' | - Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana | Flipchart objectifs<br>Markers/Slides |
| 1. Mitanisa aretina 4 mety ahafaty ny reny mandritry ny fitondrana vohoka, ny fiterahana ary aorian'ny fiterahana. | | 20' | **Asa 1: Tosa-kevitra** | |
| | | 15' | *Dingana a*: Mametraka fanontaniana amin'ny mpiofana ny mpampiofana: Tanisao ireo aretina mety mahafaty ny reny mandritry ny fitondrana vohoka , ny fiterahana ary aorian'ny fiterahana. Raisina an-tsoratra ireo valiny rehetra. Ezahina atambatra izay hevitra mitovy. Hafanain'ny mpampiofana ny adihevitra mba ahazoana ny marimaritra iraisana ary esorina ny hevitra tsy mifanaraka. | Flipchart<br>Markers.<br><br>Flipchart/Slides<br>Markers. |
| | | 5' | *Dingana b*: asehon'ny mpampiofana amin'ny slide ireo Aretina mety mahafaty ny Reny. | |
| | | 15' | .**Asa 2: Jeux de carte.** | |
| 2. Mitanisa aretina 6 mety ahafaty ny zaza vao teraka ary aorian'ny fahatarehana. | FAHASAROTANA MATETI-PITRANGA EO AMIN'NY ZAZA MENAVAVA | 15' | *Dingana a*: Zarain'ny mpampiofana ny karatra 2 Asaina manoratra aretina iray mety mahafaty ny zaza menavava vao teraka sy aorian'ny fahaterahana ny mpiofana. Aorina ny karatra ary atambatra izay hevitra mitovy. arak'ireto vanim-potoana ireto: vao teraka, aorian'ny fahaterahana. | |
| | | 5' | *Dingana b*: asehon'ny mpampiofana amin'ny slide ireo Aretina mety mahafaty ny zaza. | |
| TANJONA MANOKANA | LOHA- HEVITRA | FAHARETANY: 60' | FIZOTRAN'NY LESONA | FITAOVANA FAMPIANARANA |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| 3. Manazava ireo fahasarotana eo anivon'ny fianakaviana sy ny fiaraha-monina manamora ny fahahafatesan'ny reny sy ny zaza menavava. | FAHASAROTANA MATETI-PITRANGA EO AMIN'NY FIANAKAVIANA SY NY FIARAHA-MONINA. | 35'<br><br>5'<br><br>10'<br><br>15'<br><br>5'<br><br>5' | Asa 3: Asam-bondrona :<br><br>*Dingana a*: zaraina ho vondrona roa ireo mpiofana ka asaina mamaly ireto fanontaniana ireto:<br>Vondrona 1:<br>Inona avy ireo antony hita eny amin'ny fiaraha-monina mahatonga ny fahafatesan'ny reny sy ny zaza ?<br>Vondrona 2:<br>Inona avy ireo andraikitry ny mpanentana ara-pahasalamana mba hampihenana ny taha-pahafatesan'ny reny sy ny zaza?<br>*Faharetan'ny asam-bondrona : 10'*<br>Ny vondrona tsirairay dia manondro mpitondra teniny<br>*Dingana b*: manambara ampahibemaso ny valin'ireo fanontaniana ny mpitondra teny tsirairay. Tarihin'ny mpampiofana sy hafanainy ny ady hevitra mba ahatongavan'ny vondrona rehetra amin'ny marimaritra hiraisana.<br>*Dingana d*: asehon'nympampiofana amin'ny flipchart ny valiny efa voaomana.<br><br>Asa 4:<br>Famintinana<br>Fiverenana amin'ny tanjona manokana | Flipchart Markers.<br><br>Flipchart Markers.<br><br>Flipchart Markers.<br><br>Slides |

FAHASAROTANA MATETI-PITRANGA EO AMIN'NY RENY

1. Aretina mety mahafaty ny reny mandritry ny fitondrana vohoka:

- Fahaverezan-drà be loatra vokatry ny fahafan-jaza, ahitra ratsy toerana, fahavakisan'ny tranon-jaza, zaza an-tsosokoditra, zaza voaloboka.
- Tazo mahery vokatry ny tazomoka,
- Fihanaky ny otrikaretina (ohatra fanalan-jaza natao)
- Fanintona vokatry ny fiakaran'ny tosi-drà

2. Aretina mety mahafaty ny reny mandritry ny fiterahana/ na vao teraka:

- Fahaverezan-drà be loatra vokatry ny fahavakisan'ny tranon-jaza, rà tsy mety mandry, tranon-jaza tsy mikainkona, faharovitan'ny lalan-jaza sy ny vozon-tranon-jaza.
- Fanintona vokatry ny fiakaran'ny tosi-drà.

3. Aretina mety mahafaty ny reny aorian'ny fiterahana:

- Tazo mahery vokatry ny fihanaky ny otrikaretina

FAHASAROTANA MATETI-PITRANGA EO AMIN'NY ZAZA MENAVAVA

1. Aretina mety mahafaty ny zaza vao teraka:

- Fahasemporana
- Tazo mahery vokatry ny fihanaky ny otrikaretina.
- Tsy fahampian-danja.
- Fahaverazan-drà.

2. Aretina mety mahafaty ny zaza aorian'ny fahaterahana:

- Fisehon'aretina vokatry ny otrikaretina (sepsis)
- Pnemonia.
- Fivalanana.
- Fanintona.
- Tazo mahery vokatry ny fihanaky ny otrikaretina (ohatra tetanosy,...).
- Tsy fahampian-danja.

FAHASAROTANA MATETI-PITRANGA EO AMIN'NY FIANAKAVIANA SY NY FIARAHA-MONINA.

1. Eo anivon'ny fianakaviana

- Fahakelezan'ny fidiram-bola.
- Tsy fahafantarana ireo fambara loza mandritry ny vohoka, ny fiterahana, ny aorian'ny fiterahana/fahaterahana.
- Tsy fahampian'ny fahadiovana.
- Tsy fisian'ny tsidika ara-pahasalamana aorian'ny fiterahana.

2. Eo anivon'ny fiarahamonina

- Tsy fisian'ny  firaisankina
- Lanjan'ny fomba amam-panao izay mahatonga :
    - tsy fandraisana andraikitra na fahataran'ny fanapahan-kevitra.
    - fanamaivanana ny toeran'ny vehivavy eo amin'ny fiarahamonina
    - fanambadiana aloha loatra (kely taona).
    - tsy fanjarian-tsakafo noho ny fady isan-karazany tahaka ny sakafo.
    - Fahasahiranana ara-bola satria ny olona marary na hiteraka efa sahirana indray no miantoka sakafon'ireo mpanotrona.
    - fampiasana tambavy na fanafody gasy sy famonjena ombiasy.
- Tsy fahampian'nyserasera (BLU, finday, fitanterana…)
- Tsy fahatongavana eny amin'ny tobimpahasalamanana noho ny antony maro (vola, ara-sosialy, tahotra na henatra, halavirana)

# LESONA 2: Lamina fiterahana.

## VOTOATIN'NY LESONA

Zava- dehibe ho an'ny vehivavy bevohoka ny fahafantarana ny fotoana ahaterahana sy ireo fiomanana tokony atao ihatrehana izany.

Ity lesona ity dia hanampy be dia be ireo mpiofana mba ahafahany manabe ireo vehivavy bevohoka sy ny fiarahamonina ao amin'ny faritra iadidiany, amin'ny fametrahana lamina fiterahana.

## TANJONA MANOKANA

Rehefa tapitra ny lesona, ireo mpiofana dia tokony ho afaka:

1. Manazava ny mahazava- dehibe ny fiomanana amin'ny fiterahana.

2. Mitanisa ireo fiomanana tokony apetraka

## FAHARETANY: 50'

DRAFITRY NY LESONA

TARANJA 1: FITERAHANA IEREN-DOZA SY IREO LAMINA FIOMANANA

Lesona 1: Lamina fiterahana

| Tanjona manokana | Loha- hevitra | Faharetany 50' | Fizotran'ny lesona | Fitaovana fampianarana |
|---|---|---|---|---|
| Rehefa tapitra ny lesona, ireo mpiofana dia tokony ho afaka:<br><br>1. Manazava ny mahazava- dehibe ny fiomanana amin'ny fiterahana. | Manaova tahiry mba hitsinjovana ny fiterahana na ny fahasarotana, na amin'ny fandaniana hafa mety ilaina amin'ny fitsaboana sy ny fitaterana<br>- Fantaro ny momba ny fitanterana<br>- Ampiomano ny olona hanaraka anao eny amin'ny tobipahasalamana sy ny hijanona hiandry ny trano mandritry ny fotoana tsy maha eo anao<br><br>Ireo fitaovana tokony omanina raha toa hiteraka an- trano:<br>- Lamba madio dimy<br>- savony<br>- Hareza vaovao (mbola ao anaty fonony)<br>- Kofehy madio sy matevina telo farafaha keliny hamatorana ny tadim-poitra<br>- Ampangotray mandritra ny 20 minitra ny hareza sy ny kofehy raha vao manomboka ny fihetsehan-jaza.<br>- Tandrovy hadio sy ho maina ny tadim-poitra | 3'<br>2'<br><br>10'<br><br>5' | - Fanafanana ny sehatra<br>- Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana<br><br>1: Rotsa- kevitra<br>*Dingana a*: Mametraka fanontaniana amin'ny mpiofana ny mpampiofana manao hoe: " Inona no maha- zava- dehibe ny fiomanan'ny vehivavy bevohoka sy ny fianakaviany amin'ny fiterahana ? "<br>Manome valiny ny mpiofana. Soratan'ny mpampiofana daholo izay valiny omen'ny mpiofana. Rehefa tapitra ny fanomezana hevitra dia vakian'nympamiofana daholo ireo hevitra nomena fia mametraka fanontaniana izy hanesorana izay hevitra tsy mamly ny fanontaniana; amin'izany dia hafanain'ny mpampiofana ny adi- hevitra mandra- pahazo marimaritra iraisana.<br>*Dingana b*: asehon'nympampiofana amin'ny flipchart ny valiny mikasika ireo toromarika omena ny reny bevohoka sy ny fianakaviany ny maha zava-dehibe ny fiomanana hiatrika ny fiterahana sy raha sendra misy ny fahamehana | |

DRAFITRY NY LESONA

TARANJA 1: FITERAHANA IEREN-DOZA SY IREO LAMINA FIOMANANA

Lesona 1: Lamina fiterahana

| Tanjona manokana | Loha- hevitra | Faharetany 50' | Fizotran'ny lesona | Fitaovana entina mampianatra |
|---|---|---|---|---|
| 2. mitanisa ireo fiomanana tokony apetraka alohan'ny fiterahana; | | 5'<br><br>15'<br><br>5'<br><br>5' | Asa 3: Asam-bondrona<br>*Dingana a*: zaraina ho vondrona ireo mpiofana ka asaina mamaly ity fanontaniana ity:<br>1°) Inona ireo fitaovana tokony omanina raha toa hiteraka an-trano?<br>Ny vondrona tsirairay dia manondro mpitondra teniny<br>*Dingana b* : manamabara ampahibemaso ny valin'ny fanontaniana ny mpitonfra teny tsirairay. Tarihin'ny mpampiofana sy hafanainy ny ady hevitra mba ahatongavan'ny vondrona rehetra amin'ny marimaritra hiraisana.<br>*Dingana d* : asehon'nympampiofana amin'ny slide /flipchart ny valiny mikasika ireo fitaovana tokony omanina raha toa hiteraka an- trano.<br><br>Asa 4<br>Famintinana<br>Fiverenana amin'ny tanjona manokana | |

TOROHEVITRA OMENA NY RENY BEVOHOKA SY NY FIANAKAVIANY NY MAHA ZAVA-DEHIBE NY FIOMANANA HIATRIKA NY FITERAHANA

- Fantaro miaraka amin'ny mpitsabo ny toerana hiterahana,
- Diniho miaraka amin'ny mpitsabo ireo andro fisafoana sy ny fotoana tokony ahatongavana eny amin'ny tobipahasalamana ary ny zavatra ho entina rehefa hiteraka,
- Omano ny fitaovana ho an'ny reny sy ny zaza.
- Manaova tahiry mba hitsinjovana ny fiterahana na ny fahasarotana, na amin'ny fandaniana hafa mety ilaina amin'ny fitsaboana sy ny fitaterana,
- Fantaro ny momba ny fitaterana,
- Ampiomano ny olona hanaraka anao eny amin'ny tobipahasalamana sy ny hijanona hiandry ny trano mandritry ny fotoana tsy maha eo anao

IREO FITAOVANA TOKONY OMANINA RAHA TOA HITERAKA AN- TRANO:

- Lamba madio dimy,
- savony,
- Hareza vaovao (mbola ao anaty fonony),
- Kofehy madio sy matevina telo farafaha keliny hamatorana ny tadim-poitra,
- Ampangotray mandritra ny 20 minitra ny hareza sy ny kofehy raha vao manomboka ny fihetsehan-jaza,
- Tandrovy hadio sy ho maina ny tadim-poitra.

[1]

# FANOMANANA NY FITERAHANA

**NY FAKA TSY HO TAPAKA, NY TSIRY HO BOTRA.**

AIZA NO HITERAKA?

INONA NY FITANTERANA?

IZA NO AFAKA HANAMPY ?

IZA NO HIARAKA HO ANY AMIN'NY TORIMPAHASALAMANA ?

EFA NISY VOLA NOMANINA AMIN'IZAY HO LANY VE?

IZA NO HIANDRY NY TRANO?

VONONA VE NY LAMBA MADIO HO AN'NY RENY SY ZAZA ?

AIZA NO HITOBY?

**ANARANA :** _____

[1] Nalaina tamin'ny sehatr'asa BASICS

# FANOMANANA NY FITERAHANA ANY TRANO

**NY FAKA TSY HO TAPAKA, NY TSIRY HO BOTRA.**

Iza no hanampy mba ho fiterahana madio?

Misy rano madio sy savony isasana tanana ve?

Misy hareza madio ho hanapahana tadipoitra

Misy kofehy vonona ho hampangotraina rehefa mihetsi—jaza ve?

Vonona ve nv lamba madio handraisana nv zaza ?

Vonona ve ny Akanjo, satroka ba ary lamban –jaza ?

**ANARANA :**

_____

TARANJA 1: FITERAHANA IEREN-DOZA SY IREO LAMINA FIOMANANA

## LESONA 3: Lamina fahamehana

### VOTOATIN'NY LESONA

Ny valin'ny fikarohana maneran-tany dia mampiseho fa ny 15% n'ireo vehivavy bevohoka dia mety isehoan'ny fahasarotana mandritry ny fitondrana vohoka, fihetsehan-jaza, fiterahana, na aorian'ny fahaterahany ary ny 1-2% dia mety ho faty. Sarotra noho izany ny maminavina ny vehivavy mety ho tratry ny fahasarotana.

Ity lesona ity dia hanafisana ny fahalalana sy ny fahaizamanaon'ny mpiofana mba ahafahany manampy ireo vehivavy bevohoka sy ny fiaraha-monina amin'ny fametrahana lamina fahamehana ho fitsinjovana ny aina.

### TANJONA MANOKANA

Rehefa tapitra ny lesona, ireo mpiofana dia tokony ho afaka:

1. Mitanisa ireo singa 5 ny lamina fahamehana.
2. Milaza ireo antony 3 manaporofo ny tokony hametrahana ny lamina fahamehana.
3. Manazava amin'ny fianakaviana ireo singan'ny lamina fahamehana.

FAHARETANY: 60'

DRAFITRY NY LESONA

TARANJA 1: FITERAHANA IEREN-DOZA SY IREO LAMINA FIOMANANA

Lesona 3: Lamina fahamehana

| Tanjona manokana | Loha- hevitra | Faharetany: 60' | Fizotran'ny lesona | Fitaovana |
|---|---|---|---|---|
| Tanjona:<br><br>Rehefa tapitra ny lesona, ireo mpiofana dia tokony ho afaka:<br><br>Mitanisa : | | 5' | - Fanafanana ny sehatra<br>- Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana | |
| 1- mitanisa ireo singa 5 ny lamina fahamehana | Ireo singan'ny Lamina Fahamehana:<br><br>- fanampahan-kevitra<br>- fitanterana<br>- olona mifanampy sy mpanome rà<br>- fiomanana ara-bola sy fiaovana<br>- safidin'ny tobi-pahasalamana halea raha misy fambara-loza<br>– | 30' | Asa 1: fampiasana Tranga fanazarana (étude de cas)<br>Dingana a :zaraina vondrona roa ny mpiofana. Asaina mandinika sy mamaly fanontaniana mifanaraka amin'ny tranga eo ambany:<br>a/vondrona 1: tranga voalohany<br>b/vondrona 2: tranga faharoa<br>dingana b :manambara ampahibemaso ny valin'ireo fanontaniana ny mpitondra teny tsirairay. Tarihin'ny mpampiofana sy hafanainy ny ady hevitra mba ahatongavan'ny vondrona rehetra amin'ny marimaritra iraisana.<br>Dingana d_: asehon'nympampiofana amin'ny flipchart ny valiny efa voaomana. | F<br>Tranga 1 sy tranga 2<br><br>Flip, slide, boky |
| 2- milaza ireo antony 3 manaporofo ny tokony hametrahana ny lamina fahamehana | Antony ametrahana ny lamina fahamehana:<br><br>- 15 % ny vehivavy hiteraka dia hisehoan'ny fahasarotana<br>- Tsy fantatra nefa hoe iza amin'ireo vehivavy mitondra vohoka no hitrangan'izany fahasarotana izany | 10' | Asa 2: fiaraha-mamaky<br>Dingana voalohany:<br>asehon'ny mpampiofana amin'ny slide ireo antony ny fanomanana lamina hiatrehana raha sendra misy loza ara-pahasalamana | Seza telo |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| 3- Manazava amin'ny fianakaviana ireo singan'ny lamina fahamehana | - Manavotra aina ny fametrahana ny lamina fahamehana | 10' | Ny mpampiofana dia manazava ny hevi-dehibe voalaza ao<br><br>Asa3: seho an-tsehatra<br>Dingana a :miantso tsara sitrapo telo amin'ny mpiofana ny mpampiofana hanao seho an- -tsehatra. Ny iray dia ho mpanentana VAD hanazava ny tokony hametrahana lamina fahamehana, ny iray kosa dia ho vehivavy bevohoka ny iray farany solon-tenan'ny fianakaviana.<br>Mandritry ny seho an-tsehatra dia angatahina ireo mpiofana hiaino sy hitadidy ireo hafatra fanentana amin'ny lamina fahamehana<br>Dingana b:ny mpampiofana dia manafana ny adihevitra,manao ahoana ny fanaovan'ny mpanentana VAD? Voalaza avokoa ve ny hevi-dehibe tokony ho fantatra mikasika ny lamina fahamehana? | boky<br><br>Flip objectif /slide objectif |
| | | 5' | Asa 4: Famintinana<br>Fiverenana amin'ny tanjona manokana | |

IREO SINGA 5 NY LAMINA FAHAMEHANA

| |
|---|
| 1. Singa 1: Fametrahana lamina mba hahafahana mandray fanapahan-kevitra haingana rehefa tsy eo an-toerana ny olona tokony hanao izany. |
| • Araka ny zava-misy: matetika ny fianakaviana dia manendry olona iray ho mpanapaka.<br>• Ny hita koa: tsy mandray andraikitra ny olona sasany raha tsy eo ilay olona mpanapaka ka mety hiteraka zava – doza izany.<br>• Raha sendra miseho io toe-javatra io dia tsy maintsy midinika ny fianakaviana hametrahana lamina mba hanendry izay olona handray fanapahan-kevitra |
| 2. Singa 2: Fanomanana fiara fitaterana na fitaovam-pifamoivoizana azo hetsehina sy ampiasaina avy hatrany rehefa misy fahamehana |
| • Rehefa tsy tonga haingana eny amin'ny tobimpahasalamanana ny vehivavy noho ny tsy fisihan'ny fitaterana dia mety mitarika fahafatesany izany.<br>• Tokony hanana lamina mikasika ny fitateranany fianakaviana mba ahafahana manantona haingana ny tobimpahasalamana ary omanina mandritry ny fitondrana vohoka izany lamina izany. |
| 3. Singa 3: Fametrahana lamina amin'ny ireo mpiara-monina izay mifanampy ka tokony ho fantatra mialoha ny olona mpanaraka sy ny miandry ny trano ary olona mpanome rà |
| • Fantarina mialoha ny olona mpanaraka sy ny olona miandry ny tànana sy ny zaza/ankizy.<br>• Manamora ny fandehanana mamonjy tobim-pahasalamana raha mipetraka mialoha izany lamina izany<br>• Sarotra matetika ny ahitana rà azo antoka rehefa misy loza noho izany dia tsy maintsy miomana sahady ny vehivavy/fianakaviana hanendry olona afaka hanome rà |
| 4. Singa 4: Fametrahana lamina mba afahana mitahiry na manangom-bola |
| • Ampaherezina ny fianakaviana mba hanangom-bola hiatrehana ny filana amin'ny fitondrana vohoka sy fiterahana ary rehefa misy fambara loza.<br>• Anontaniana isaky ny mihaona ny momba ny fanomanany ny vola mety ilaina sy ny fomba mba ahatonga ny vola vonona rehefa tonga ny fotoana ilana azy |
| 5. Singa 5: Fametrahana lamina mba hahafantarana mialoha ny toerana tokony haleha, ny tobimpahasalamana sy ny fivarotampanafody mpiandry raharaha (Garde) |
| • Tsara ny mahafantatra mialoha ireo toeram-pitsaboana sy favarontam-panafody mpiandry raharaha<br>• Tsara koa ny manana laharan-tariby mba hiantsoana azy ireo raha sendra fahasarotana |

ANTONY TOKONY HAMETRAHANA NY LAMINA FAHAMEHANA

- Fantatra fa 15% ny vehivavy bevohoka dia isehoan'ny fahasarotana mandritry ny fitondrana vohoka, fihetsehan-jaza, fiterahana, na fotoana avy teraka ary 1-2% dia mety ho faty.
- Fantatra koa fa sarotra ny maminavina ny vehivavy mety ho tratry ny fahasarotana.
- Noho izany dia ilaina ny fiaraha - mandinika amin'ny vehivavy mba hahafantarany ny fambara loza sy hahafahany manomana lamina mifanaraka amin'izany.
- Manavotra aina ny vehivavy maro izany satria ho haingana ny fanantonany ny tombim-pahasalama mba ahazoany fikarakarana manara-penitra.

ASA FAMPIHARANA

Tranga 1

Bevohoka efa akaiky hiteraka Ramaoa Razanany. Misy CSB roa ny kominina misy azy, ny iray lavidavitra tokony ho ora 2 eo ho eo raha mandeha tongotra ny iray kosa 30 mn.
Rehefa hiteraka izy dia nampiantso ilay Ampanavanana (Matrone) teo antanàna ka rehefa ela nikarakarana azy teo ity farany dia nanapa-kevitra ihany ny handefa azy eny amin'ny hopitaly.
Na dia teo aza anefa ireo vatandehilahy hilanja azy dia sahirana ihany ry zareo ny hisafidy izay CSB andehanana. Ny iray moa akaiky saingy olon-tokana no miasa ao ka mety tsy ho eo antoerana, ny iray kosa lavitra no sady saro-dalana na dia azo antoka aza fa misy mpitsabo handray azy foana ao.
Rehefa ela nampiady hevitra teo ry zareo dia nisafidy ilay CSB akaiky ary soa ihany fa teo antoerana ilay Rasazy miasa ao saingy vao nijery azy Rasazy dia nilaza fa mila fandidiana maika Ramatoa Razanany.
Teo ry zareo vao namory vola hanofana fiara hitondrana azy eny amin'ny hopitaly lehibe ary rehefa tonga teny indray dia nilaza ny mpitsabo fa mila olona hanome rà satria efa be loatra ny rà very i Razanany nefa mbola mila fandidiana.
Fiara madinika tsy nahazaka olona maro no nofaindry zareo ka ny iray tamin'ireo nandeha ihany no afaka nanome rà.
Natao ihany ny fandidiana saingy indrisy tsy voavonjy i Ramatoa Razanany fa ilay zaz kely no velona soa aman-tsara.

Fanontaniana:

- Inona avy ny olana nitranga ?
- Inona no tokony hatao hisorohana ireo olana ireo ?

Tranga 2

Noho ny fanentanana nataon'ny mpanentana tamin-dRamatoa Rasoa dia efa niomana fatratra amin'ny fiterahana izy ary efa manana tahiry hiatrahana ny sarotra.

Efa nifampiresaka tamin-dRasazy koa izy ka na ny lahara-téléfonin-dRasazy azy efa ananany ka azony antsoina na andro na alina.

Rehefa hiteraka tokoa izy dia nifanintona ka nantsoina haingana Rasazy. Avy nanao ny fitsaboana vonjy taitra Rasazy dia nasainy namonjy hopitaly lehibe ihany I Ramatoa Rasoa.

Nantsoina téléfonina ny ambulance ary nanafatra I Rasazy mba hisy olona maromaro hanaraka mba hanome rà sao mila fandidiana izy. Ry zareo moa efa nanana tahiry ka mbola afaka nanofa fiara hafa hitondrana ireo mpanaraka.

Nalaky tonga teny amin'ny hopitaly ry zareo ary na dia nila fandidiana tokoa aza Ramatoa Rasoa dia voavonjy soa aman-tsara avokoa izy mianaka.

Nampalahelo anefa fa nisy vaovao ratsy teny antanàna satria nisy omby folo very. Nisy olondratsy nahatsikaritra fa lasa nanatitra an-dRAsoa teny amin'ny hopitaly avokoa ny ankamaroan'ny lehilahy matanjaka tao an-tanàna ka nararaotind-ry zareo notafihina sy nagalarina ny omby tao antanàna.

Fanontaniana

Lazao izay fiomanana tokony hatao raha hiatrika fandefasana olona eny amin'ny hopitaly.

## LESONA 4: Fanasana tanana

### VOTOATIN'NY LESONA

Eto Madagasikara dia ambony ny tahan'ny aretina mifindra amin'ny alalan'ny tanana maloto anisan'izany ny aretim-pivalanana, ny firehetan'ny tadim-poitra sy ny sovoka izay mitarika fahafatesana eo amin'ny reny sy ny zaza.

Ity lesona ity dia hanamafisana ny fahalalana sy ny fahaiza-manaon'ireo mpiofana amin'ny fiarovana fototra amin'ny otrik'aretina ahafany manabe sy manentana ny fiaraha-monina amin'ny fisorohana ny areti-mifindra noho ny loto.

### TANJONA MANOKANA:

Rehefa tapitra ny lesona, ireo mpiofana dia tokony ho afaka:

1. Mitanisa ireo zavatra rehetra ilaina amin'ny fanasana Tanana;
2. Manambara ny mahazava-dehibe ny fanasana tànana;
3. Manantateraka fanasanatànana manara-penitra.

### FAHARETANY: 50'

DRAFITRY NY LESONA
TARANJA 2: FIAROVANA FOTOTRA AMIN'NY OTRIK'ARETINA
Lesona 4: Fanasana tanana

| Tanjona manokana | Loha- hevitra | Faharetany: 60' | Fizotran'ny lesona | Fitaovana |
|---|---|---|---|---|
| Rehefa tapitra ny lesona, ireo mpiofana dia tokony ho afaka:<br><br>1.Mitanisa ireo zavatra rehetra ilaina amin'ny fanasana tanana<br><br>2. Manambara ny maha zava-dehibe ny fanasana tanana<br><br>3. Manantanteraka fanasana tanana manara-penitra | Ny fitaovana ilaina amin'ny fanasana tanana manara-penitra ;<br>• Siny misy rano<br>• Koveta<br>• Savony<br>• Zinga<br>• Tapa-damba madio<br><br>Ny maha zava-dehibe ny fanasana Tanana<br><br>• Fiarovana amin'ny aretina ohatra; fivalanana, pneumonia<br>• mety hitondra otrikáretina isan'karazany izay mety hiteraka fifindrana tsinahy<br>• Fitaovana fiasana voalohany indrindra ho an'ny fahasalamana<br><br>Ireo dingana arahina amin'ny fanasana Tanana;<br>▪ Mitady olona hanampy<br>▪ Maka siny sy zinga<br>▪ Esorina ny ravaka eny amin'ny felatanana sy ny sandry<br>▪ Aforitra ny tanan' akanjo | 5'<br><br>5'<br><br>10' | - Fanafanana ny sehatra<br>- Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana<br><br>Asa 1: Tosa-kevitra<br>*Dingana a*:: mametraka fanontaniana amin'ny mpiofana ny mpampiofana manao hoe " inona daholo ny fitaovana ilaina rehefa anasa tanana Soratan'ny mpampiofana amin'ny ny valiny omen'ny mpiofana<br>. Hafanain'ny mpampiofana ny adihevitra mba ahazoana ny marimaritra iraisana ary esorina ny hevitra tsy mifanaraka.<br>*Dingana b*:"asehon'ny mpampiofana amin'ny slide ireo fitaovana ilaina rehefa anasa tanana<br>Asa 2: Fanontaniana arahim- baliny<br>*Dingana a*: Mametraka fanontaniana amin'ny mpiofana ny mpampiofana'' inona ny maha zava-dehibe ny fanasana Tanana''. Hafanain'ny mpampiofana ny adi-hevitra ary raisina antsoratra ny valiny marina<br>*Dingana b*: asehon'ny mpampiofana amin'ny slide ny maha zava-dehibe ny fanasana Tanana. | Flipchart objectifs Markers/Slides<br><br>Flipchart/slides Markers.<br><br>Flipchart/Slides Markers. |
| | ▪ Miteny amin'ílay olona mpanampy mba androtsaka rano eo amin'ny | 20'<br>10' | Asa 3: Asa fampisehoana<br>*Dingana a*: | |

| Tanjona manokana | Loha- hevitra | Faharetany: 60′ | Fizotran'ny lesona | Fitaovana |
|---|---|---|---|---|
| | sandry sy fela-tanana mitazona savony na lemana rano ny tanana<br>▪ Osorana savony tsara ny fela-tanana roa sy ny sandry<br>▪ Kosehina tsara ny fela-tanana roa fa indrindra ny elakelaky ny ratsan-tanana mandritra ny iray minitra<br>▪ Kobanina tsara fela-tanana sy ny sandry rehefa avy eo<br>▪ Avela ho maina amin'ny rivotra na fafana amin'ny tapa-damba madio<br>Marihana fa tsy azo atao ny mampiasa borosy | 10′<br><br>5′ | Miantso namana iray ny mpampiofana hanampy azy ary manome toromarika ny mpiofana mba hanaraka tsara ny fihetsika rehetra ataony rehefa hanasa Tanana.<br>Mampiseho ny fihetsika rehetra atao momba ny fanasana Tanana ny mpampiofana<br>*Dingana b*; Anontaniana amin'ny mpiofana ny fihetsika rehetra nataon'ny mpampiofana ary raisina antsoratra ny valiny<br>*Dingana d Asehon'ny mpampiofana ny slide mampiseho ny fomba fanasan-tanana.*<br>*Dingana e asaina mamerina fanasan-tanana ny mpiofana tsirairay ary ny sisa manome fanitsiana araka ny fomba fanasan-tanana voalaza ao anaty boky na slide .*<br><br>- Fanafanana ny sehatra ; ***Hira tsara ny manasa Tanana***<br><br>Asa 4:<br>Famintinana<br>Fiverenana amin'ny tanjona manokana | |

IREO FITAOVANA ILAINA AMIN'NY FANASANA TANANA MANARA-PENITRA

- Siny misy rano
- Koveta
- Savony
- Zinga
- Tapa-damba madio

ANTONY NY HANASANA TANANA

- Ny fanasan-tanana dia fiarovana tsotra nefa mahomby amin'ny fifindran'ny otrik'aretina ohatra ny fivalanana, pneumonia
- Ny Tanana dia mety hitondra otrikáretina isan'karazany izay mety hiteraka fifindrana tsinahy
- Ny Tanana dia fitaovana fiasana voalohany indrindra ary izay no mahatonga azy ho lalana mampifindra mora ny otrik'aretina raha tsy voadio.

AMBARATONGAN-TSARY FITADIDY NY FANASANA TÀNANA






TAKELAKA FITSARANA FANASANA TANANA.

| DINGANA SY ASA HO ATAO | Tomban'ny fampiharana | |
|---|---|---|
| | aloha | Aoriana |
| 1. Mitady olona manampy | | |
| 2. Maka siny (seau) sy zinga | | |
| 3. Esorina ny ravaka eny amin'ny fela-tànana sy sandry | | |
| 4. Miteny amin'ilay olona manampy mba androtsaka rano eo amin'ny fela-tànana mitazona savony sy ny sandry NA lemana rano ny tànana | | |
| 5. Osorana savony tsara ny fela-tànana (main) sy ny sandry(avant –bras) | | |
| 6. Kosehina tsara ny fela-tànana roa fa indrindra ny elakelan' ny ratsan-tànana mandritry ny iray minitra | | |
| 7. Kobanina tsara ny fela-tànana sy ny tànanarehefa avy eo | | |
| 8. Avela ho maina amin'ny rivotra na fafana amin'ny tapa-damba madio | | |
| Fanamarihina: Tsy mampiasa borosy | | |

HIRA FANENTANANA

Tsara ny manasatànana,
Tànana, tànana
Tsara nymanasa tànana,
Amin'ny rano sy savony
Mandositra nyotrik'aretina

Tsara ny manasatànana
Tànana, tànana
Tsara nymanasa tànana,
Na inona zavatra atao
Ka tandrovy manomboka izao

TARANJA 3: FANDRAISANA AN-TANANA VONJITAITRA IREO FAHASAROTANA

## LESONA 5: Fomba fizahana ny vehivavy vao teraka.

### VOTOATIN'NY LESONA

Ny fanaraha-maso ny fahasalaman'ny reny vao teraka sy ny zaza menavava eo anivon'ny tobim-pahasalamana na any an-trano dia tsy maintsy atao. Izany dia mba ahafahana mitsirika ireo fahasarotana mateti-pitranga.

Ity lesona ity dia hampianarana ireo mpiofana ahay hizaha ny fahasalaman'ny vehivavy vao teraka ahafahany manaraka ny fahasalamany amin'ny fomba manara-penitra, ary manoro hevitra azy sy maka fepetra haingana raha sendra fahasarotana.

.

### TANJONA MANOKANA

Amin'ny fiafaran'ny lesona, ny mpiofana dia tokony ho afaka:

1- Mitanisa ireo fotoana hitsidihana ireo reny vao teraka.
2- Mitanisa ireo dingana arahina rehefa mizaha ny vehivavy vao teraka;
3- Manao fijerena tsotsotra/manara maso ny reny avy teraka.

FAHARETANY: 1 ora 30

DRAFITRY NY LESONA:

TARANJA 3: FANDRAISANA AN-TANANA VONJITAITRA IREO FAHASAROTANA

LESONA 5: Fomba fizahana ny vehivavy vao teraka.

| Tanjona manokana | Loha- hevitra | Faharetany: 1ora30 | Fizotran'ny lesona | Fitaovana fampianarana |
|---|---|---|---|---|
| Rehefa tapitra ny lesona, ireo mpiofana dia tokony ho afaka:<br><br>1- Mitanisa ireo fotoana hitsidihana ireo reny vao teraka.<br><br>2- Mitanisa ireo dingana arahina rehefa mizaha ny vehivavy vao teraka;<br><br>3- Manao fijerena tsotsotra/manara maso ny reny avy teraka. | Ny fotoana tokony hitsidihana ny reny sy Ireo dingana arahina raha hanao fizaham-pahasalaman'ny reny avy teraka ;<br><br>Ny fotoana hanaovana ny tsidika fizahana<br><br>Ireo dingana arahina raha hanao fizaham-pahasalamana ny reny avy teraka<br><br>- Fiomanana sy fanazavana amin'ny reny ny zavatra hatao<br><br>- Fametrahana fanontaniana (interrogatoire) sy fizahana ny reny vao teraka<br><br>- Toro-lalana;<br><br>- Fehin-kevitra ankapobeny | 5'<br><br>5'<br><br>20'<br><br>10'<br><br>5' | Fanafanana ny sehatra<br>Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana<br><br>Asa 1: asa fampisehoana (demonstration)<br><br>*Dingana a:* Asain'ny mpampiofana hanaraka sy hijery tsara ny dingana sy ketsika atao mandritry ny fampisesehoana ataony ireo mpiofana sady manaraka izany amin'ny takelaka fizarana.<br>*Dingana b:* Manao ny seho fampiharana amin'ny saribakoly ny mpampiofana, mametraka fanontaniana amin'ny mpiofana ny mpampiofana: Rahoviana avy ireo fotoana hanaovana ny VAD? Tohizan'ny mpampiofana ny fampisehoana ary manome fanazavana izy.<br>*Dingana d:* Rehefa vita ny fampisehoana dia manentana ady hevitra ny mpampiofana mba hampivoaka ireo dingana 4 lehibe amin'ny fizaham-pahasalamana ny vehivavy vao teraka.<br>*Dingana e: Fiaraha-mamaky*<br>Asain'ny mpampiofana mifandimby mamaky ny voalaza ao anaty takelaka fanazarana ny mpiofana. | Flipchart/slide objectif Markers.<br><br>Takelaka fizarana<br><br>Flipchart Markers.<br>Saribakoly<br>Takelaka fizarana asa |

| Tanjona manokana | Loha- hevitra | Faharetany: 1ora30 | Fizotran'ny lesona | Fitaovana fampianarana |
|---|---|---|---|---|
| | | 45'<br><br><br><br><br><br><br><br><br><br><br><br><br><br><br><br>5' | *<u>Dingana f</u>: Seho sehatra Fampiharana*<br>Zaraina ho vondrona miaraka tsitelotelo ny mpiofana. Manome ireto toromarika ireto ny mpampiofana :<br>Ny mpiofana iray dia maka ny toeran'ny vehivavy avy teraka.<br>Ny faharoa mpanentana manao ny VAD sady manao ny fizahana.<br>Ny faha telo (sy fahaefatra raha misy izany) mihaino sy manara maso ny asan'ilay mpanentana ary manome fanitsiana arak'izay voalaza ao anaty takelaka rehefa vita ny fampisehoana.<br>Mifamadika andraikitra ireo mpiofana telo ary tokony samy manao fizahana avy.<br><br>Asa 2:<br>Famintinana<br>Fiverenana amin'ny tanjona manokana | |

TAKELAKA FIZARANA FIZAHAM-PAHASALAMANA NY RENY AVY TERAKA

| DINGANA SY ASA HO ATAO | Tomban'ny fampiharana | |
|---|---|---|
| Ny tsidika fizahana dia atao :(ireo no fotoana mahafaty betsaka) | Aloha | Aoriana |
| • Ny andro nahaterahana | | |
| • Telo andro ao aoriana | | |
| • Herinandro nahaterahana | | |
| Fiomanana | | |
| • Manazava amin'ilay reny ny zavatra atao ary manentana azy ametraka fanontaniana | | |
| • Akatona ny varavaran-kely sy ny varavarana mba tsy hisy rivotra mifamezivezy mety hampangatsiaka | | |
| • Manasa tànana amin'ny rano madio sy savony | | |
| • Manontany ilay reny ny olana raha misy: | | |
| o Rà mivoaka mahavehivavy mihoatra ny salaka 2 – 3 ao anatin'ny 20 – 30 mn | | |
| o Fanintona | | |
| o Manano sarotra ny fiainana | | |
| o Marary be ny kibo (tranon-jaza) | | |
| o Misy hafanana na tazo ary malemilemy | | |
| o Amany mandeha hoazy na marary rehefa mamany | | |
| o Mivonto sy marary ary menany nono | | |
| o Tsiranoka maimbo avy any amin'ny fivaviana | | |
| o Faritry ny mahavehivavy marary na mivoaka nana | | |
| o Fanina tsy mahazo aina | | |
| Fanamarihana: *tonga dia hetsehina ny lamina fahamehana raha vao misy fambara loza* | | |
| • Mitady ireo fambara loza ihany koa (mijery, mihaino, manombolo) (raha lehilahy ny mpanentana dia tsara raha olona hafa: reny rafozana na rahavavy no asaina mijery) | | |
| o Tsapaina ny hafanana<br>- afaka mampiasa famantarana hafanana : diovina tsara ary atsofoka ao ambany helika mandritry 5 mn; tokony ho 37,5°<br>- na tsapana ny sandry ampitoviana amin'ny any tena. | | |
| o Manano sarotra ny fiainana : mihoatra ny 20 isa minitra | | |
| o Mijery ny nono fa saody :<br>- Vakivaky ny loha nono<br>- Mivonto<br>- Mena<br>- Mafana<br>- Mivoka nana | | |

| DINGANA SY ASA HO ATAO | Tomban'ny fampiharana | |
|---|---|---|
| Tsapaina ny kibo:<br>- Marary ny tranon-jaza, mafy na malemy | | |
| o Jerena ny faritry ny mahavehivavy :<br>▪ Misy nana<br>▪ Mivonto<br>▪ Misy tsiranoka maimbo<br>▪ Mandeha hoazy ny amany<br><br>Fanamarihina: raha andro nahaterahana dia jerena sao mandeha ràmihoatry ny salaka 2 na 3 ao anatin'ny 20 – 30 mn | | |
| Mijery ny fomba fampinonona:<br>- Fipetrak'ilay zaza sy ny reniny<br>- Ny firaketan'ny molotry ny zaza eo amin'ny nono<br>- Ny fomba fitsetsafany | | |
| Mijery ny fitandrovana ny fahadiovana<br>- Ny lamba sy ny fitafy<br>- Ny salaka<br>- Ny fikarakarana ny zaza<br>- Ny fanasana tànana isaky ny mikarakara sy avy mikarakara zaza mena vava | | |
| Mijery ny fomba fiainana ankapobeny<br>• Sakafo<br>• Fialan-tsasatra | | |
| Famaranana :<br>• Raha misy tsy mety dia entanina ny reny mba hanetsika ny lamina fahamehanahandeha haingana eny amin'ny toby | | |
| • Ampiarina ny lamina fahamehana | | |
| • Raha tsara daholo dia omena fankasitrahana ny reny ary entanina amin'ny fanarahana ny hafatrafatra sy fitilina ireo fambara loza | | |
| • Milaza ny andro itsidihana manaraka | | |
| • Manasa tànana amin'ny savony sy rano madio | | |

TARANJA 3: FANDRAISANA AN-TANANA VONJITAITRA IREO FAHASAROTANA

## LESONA 6: Fihetsika vonjitaitra fameloman'aina ny reny vao teraka.

### VOTOATIN'NY LESONA

Maro ireo vehivavy bevohoka na miteraka no maty an-trano, na an-dalana noho ny fahaverezan-dra be loatra, ny fahaverezan-drano be loatra, sy noho ny fanintona.
Ity lesona ity dia entina hampianarana an'ireo mpiofana hifehy ireo hetsika vonjitaitra manoloana ny fahasarotana miseho eo amin'ny reny mandritry ny fahaterahana toy ireny mba hamelomana ny ainy mandrapahatonga eny amin'ny toerampitsaboana.

### TANJONA MANOKANA

Rehefa tapitra ny lesona, ny mpiofana dia tokony ho afaka:

1. Mitanisa ireo fambara loza mety hiseho eo amin' ny vehivavy bevohoka, teraka na avy niteraka
2. Manatanteraka ny fihetsika vonjy taitra tokony atao rehefa miseho ny tranga

FAHARETANY : 1ora 30

DRAFITRY NY LESONA:
TARANJA 3: FANDRAISANA AN-TANANA VONJITAITRA IREO FAHASAROTANA
LESONA 6: Fihetsika vonjitaitra fameloman'aina ny reny vao teraka.

| Tanjona manokana | Loha- hevitra | Faharetany<br>1 ora 30 | Fizotran'ny lesona | Fitaovana fampianarana |
|---|---|---|---|---|
| Rehefa tapitra ny lesona, ireo mpiofana dia tokony ho afaka:<br><br>1. Mitanisa ireo fambara loza mety hiseho eo amin' ny vehivavy bevohoka, teraka na avy niteraka<br><br>2. Manatanteraka ny fihetsika vonjy taitra tokony atao rehefa miseho ny tranga. | <br><br>Ny fambara loza mety hiseho eo amin' ny vehivavy bevohoka<br><br>Ny fambara loza mety hiseho mandritra ny fihetsehan-jaza na fiterahana<br><br>Ny fambara loza mety hiseho aorian'ny fiterahana<br><br>Fihetsika vonjitaitra azo hatao eny anivon'ny fiaraha-monina manoloana ny:<br>a) Vehivavy bevohoka<br>- Mifanintona<br>- Mafana hoditra noho ny tazo<br>- Mandeha ra.<br>b) Vehivavy vao teraka mandeha ra nohon'ny faharovitan'ny lalan-jaza.<br>c) Vehivavy vao teraka mandeha ra noho ny tsy fiikainkonan'ny tranon-jaza.<br>Dingana arahina.<br>- Omanina ny rano sy siramamy, lasaka feno fasika voafono<br>- Fanazavana ny zavatra atao aminílay vehivavy<br>- fanorana ny tranon-jaza ; *matory mitsilany , atsotra ny tongotra, tsy asiana ondana<br>*atao eo ambonin'ny tranon-jaza ny fela Tanana roa , orina avy aty anatiny mivoaka ivelany | 5'<br><br>15'<br><br>25'<br>10'<br><br>15'<br><br>40' | - Fanafanana ny sehatra<br>- Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana<br><br>Asa 1: Fampiasana karatra<br>*Dingana a*: Zaraina vondrona telo ny mpiofana ka. Omena karatra samy hafa loko efa voaomana.Soratana amin'ny solaitra ireto lohahevitra ireto.<br>- mialoha,<br>- mandritra ary<br>- aorian'ny fiterahana.<br>Entanina ny mpiofana hiady hevitra amin'ny toerana tokony ametrahany ny karatra eo am-pelatanany ary ametaka izany eo ambanin'ny lohahevitra hitany mifanaraka aminy.<br>*Dingana b*: Anontanin'ny mpampiofana ny rehetra raha afa-po amin'ny fanasokajiana ny karatra.<br>*Dingana d*: asehon'ny mpampiofana amin'ny slide ireo fambara loza isan-tsokajiny.<br><br>Asa 2: Asa fampisehoana<br>*Dingana a*: Omena toro-marika ny mpiofana mba hanaraka sy hijery tsara ny seho ataon'ny mpampiofana.<br>Manao fampisehoana fampiharana amin'ny saribakoly ny mpampiofana sady manome fanazavana.<br>*Dingana b:* entanin'ny mpampiofana ny mpiofana hiara mamaky sy manaraka ny voalaza ao amin'ny boky.<br><br>Asa 3: Fampiharana<br>*Dingana a*: Asaina manao fampiharana ny mpiofana tsirairay. | Flipchart<br>Markers.<br><br>Karatra efa voaomana.<br><br>Boky pejy:<br><br>Boky pejy:<br>Saribakoly<br><br>Boky pejy: |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| | *jerena ny habetsahan'ny ra mivoaka sy ny lokony<br>*raha mijanona ny ra mandeha dia tohizana ny fikarakarana maha zatra<br>*raha tsy mijanona ny ra dia atao ny fanaporatana ivelany ny tranon-jaza mandrapahatonga eny amin'ny toby<br><br>TSARA HO FANTATRA<br>Fomba fikarakara ny lanja 1kg<br>- vary 1 kg<br>- Fonosina atao anaty harona plastika dia fatorana ny vavany ary asiana lamba mba tsy hiparitaka ny vary | 5' | Asa 4:<br>Famintinana<br>Fiverenana amin'ny tanjona manokana | |

FAMBARA LOZA EO AMIN'NY VEHIVAVY

| MANDRITRY NY VOHOKA | MANDRITRY NY FIHETSEN-JAZA NA FITERAHANA | AORIAN'NY FITERAHANA |
|---|---|---|
| Fanintona | Fanintona | Rà mivoaka amin'ny mahavehivavy mihoatra ny salaka 2 – 3 ao anatin'ny 20 – 30 mn |
| Binabina ny tànana sy ny tarehy | Marary an-doha be sy fanina | Fanintona |
| Hatsatra be | Mandeha rà be avy amin'ny fivaviana | Manano sarotra ny fiainana |
| Misy hafanana na tazo | Hafanana be | Marary be ny kibo (tranon-jaza) |
| Misy rano mivoaka avy any amin'ny mahavehivavy | Marary be ny kibo | Misy hafanana na tazo ary malemilemy |
| Misy rà mivoaka avy any amin'ny mahavehivavy | Maharitra elabe ny fihetsen-jaza | Amany mandeha hoazy na marary rehefa mamany |
| Tsy mihetsika ny zaza ao an-kibo | Tsy mihetsika ny zaza ao an-kibo | Mivonto sy marary ary menany nono |
| Marary an-doha be sy fanina | Mivoaka ny tadi-poitra | Tsiranoka maimbo avy any amin'ny fivaviana |
| Manano sarotra ny fiainana na sempotra | Ranon-dohany maitso be | Faritry ny mahavehivavy marary na mivoaka nana |
| Marary be ny kibo (tranon-jaza) | Mangetaheta be | Fanina tsy mahazo aina |
| Marary rehefa mamany | Sempotra tsy avy miaina | |
| Mivoaka tsiranoka maimbo ny fivaviana | | |

# FANDRAISANA VONJIMAIKA ENY AMIN'NY FIARAHAMONINA

1. Fisy fandraisana vonjimaika ny reny eny amin'ny fiarahamonina

**AMPIHARINA NY LAMINA VONJITAITRA/FAHAMEHANA. ILAZAO NY FIANAKAVIANA MBA**:

- Hanamora ny fanampahan-kevitra
- Hanomana ny vola mety ilaina
- Hikarakara ny fitaterana
- Hampiantsony olona manaraka sy ny mpanome rà

**MIOMANA MBA HANARAKA ILAY VEHIVAVY/ZANANY**

VEHIVAVY BEVOHOKA MIFANINTONA →

- ESORINA NY ZAVATRA MANODIDINA METY HANDRATRA
- AMPATORIANA MIORIRANA MIANKAVIA
- AROVANA MBA TSY HIANJERA SY HARATRA
- TSY FATORANA NA TAZONINA
- TSY ASIAN'INONONA AO AM-BAVANY
- TSY AVELA IRERY

VEHIVAVY BEVOHOKA MISY TAZO →

- ASIANA LAMBA LENA NA KOPAKOPAHINA
- AMPATORIANA MIORIRANA MIANKAVIA
- AMPIRISIANA HISOTRA RANO MATETIKA
- AMPIRISIANA IHINANA SAKAFO MORA LEVONINA FA AMPY OTRIKAINA

VEHIVAVY BEVOHOKA MANDEHA RA →

- FONOSINA LAMBA FA TSY ATAO MAFANA BE
- AMPATORIANA MIORIRANA MIANKAVIA
- ATAO AVO NY TONGOTRA
- AMPISOTROINA RANO ATSASA- LITATRA (1/2 LITRE) ISAKY NY 30 mn (SRO)
- TSY ASIANA N'INON'INONA NY AO ANATIN'NY FIVAVIANA

VEHIVAVY TERAKA MANDEHA RA FA ROVITRA LALAN-JAZA

- Ampafantarina ny fianakaviana ny zavatra hatao
- Poretina amin'ny lamba madio ny faritra mandeha ra mandritry ny 20 minitra
- Ampisotroina rano atsasa- litatra (1/2 litre) isaky ny 30 minitra (sro)
- Atao mafana lay vehivavy
- Tsy asiana n' inon'inona ny ao anatin'ny fivaviana
- Tohizana ny fanaporetana mandritry ny fandehanana eny amin'ny toby raha azo atoa ka mbola mandeha ra

VEHIVAVY TERAKA MANDEHA RA TSY MIKAINKONA NY TRANON-JAZA

- Ampafantarina ny fianakaviana ny zavatra hatao
- Ampisotroana rano atsasa- litatra (1/2 litre) isaky ny 30 minitra (sro)
- Atao mafana lay vehivavy
- Tsy asiana n' inon'inona ny ao amin'ny fivaviana
- Safosafoina ny tranon-jaza mba hikainkona
- Asiana lanja 1kg eo ambony tranon-janaka
- Polesina avy ety ivelany ny tranon-jaza
- Asaina mamany matetika
- Atoa mandry miorirana ankavia
- atao avo ny tongotra
- Asaina tohizan'ilay vehivavy ny fanafosafoana ny tranon-janaka

Fomba fanakainkonana ny tranon-jaza mandeha rà

| FANAO AMIN'NY VEHIVAVY VAO TERAKA TRATRA NY FAHAVEREZAND-RA NOHO NY TRANON-JAZA TSY MIKAINKONA: |
|---|
| Omanina ny rano sira sy siramamy |
| Omanina ny lasaka fasika voafono madio tsara (1 kilao) |
| Omanina ilay vehivavy<br>• azavaina fa mandeha ra be loatra izy ka ilaina ny fanajanona izany amin'ny fanorana ny tranon-jaza<br>• mety aheno marary izy amin'izany<br>• asaina matory mitsilany |
| Ampiana mba hamany ilay vehivavy. |
| Omena hosotroiny ny rano mba ialana amin'ny fahatoranana |
| FANORANA TRANON-JANAKA |
| Ilazana ilay vehivavy fa atao ny fanorana ny tranon-jaza mba hampikaikona ny tranon-jaza sy hampivoaka ny rà miangona |
| Ampatoriana mitsilany tsy asiana ondana, atsotra ny tongotra |
| Atao eo ambony ny tranon-jaza ny felatànana roa, orina avy aty anatiny mivoaka ivelany |
| Jerena ny habetsahan'ny rà mivoaka sy ny lokony. |
| Raha mijanona ny rà mandeha ary mihamafy ny tranon-jaza dia tohizana ny fikarakarana mahazatra |
| Asaina tohizan'ilay vehivavy ny fanorana ny tranon-janaka isaky ny 15 minitra |
| Raha tsy mitsahatra ny rà dia tsy maintsy atao ny fanaporetana ety ivelany ny tranon-jaza ary tohizana hatrany mandrapahatonga eny amin'ny toby<br>  |
| Apetraka eo amin'ny kibo trandrifin'ny tranon-jaza avy ao aoriana ny tànana iray |
| Atao totohondry ny tànana ilany eo amban' ny tranon-jaza ety aloha ambany amin' ny kibo |
| Poretina amin'ny tànana roa ny tranon-jaza |
| Tohizana araka izay azo atao ny fanaporetana. |

2. Fikarakarana lanja 1kg

- Maka fasika madio milanja iray kilao
- Atao ao anaty harona pilastika (sachet) dia fatorana ny vavany
- Fonosina lamba ilay harona mba tsy hiparitaka ny fasika
- Atao eo ambon'ny tranon-jaza

## LESONA 7: Fomba fizahana ny zaza vao teraka.

### VOTOATIN'NY LESONA

Ny fanaraha-maso ny fahasalaman'ny reny vao teraka sy ny zaza menavava eo anivon'ny tobim-pahasalamana na any an-trano dia tsy maintsy atao. Izany dia mba ahafahana mitsirika ireo fahasarotana mateti-pitranga.

Ity lesona ity dia hampianarana ireo mpiofana ahay hizaha ny fahasalaman'ny zaza vao teraka ahafahany manaraka ny fahasalamany amin'ny fomba manara-penitra, ary manoro hevitra azy sy maka fepetra haingana raha sendra fahasarotana.

### TANJONA

Rehefa tapitra ny lesona, ny mpiofana dia tokony ho afaka:

1. Mitanisa ireo fotoana hitsidihana ireo zaza vao teraka;
2. Mitanisa ireo dingana arahina rehefa mizaha ny zaza vao teraka;
3. Manao fizahana tsotsotra ny zaza menavava.

FAHARETANY: 1ora 25

DRAFITRY NY LESONA

TARANJA 3: Fandraisana an-tanana vonjitaitra ireo fahasarotana

Lesona 7: Fomba fizahana ny zaza vao teraka

| Tanjona manokana | Loha- hevitra | Faharetany: 1ora 25 | Fizotran'ny lesona | Fitaovana fampianarana |
|---|---|---|---|---|
| Rehefa tapitra ny lesona, ireo mpiofana dia tokony ho afaka:<br><br>1. Mitanisa ireo fotoana hitsidihana ireo zaza vao teraka;<br><br>2. Mitanisa ireo dingana arahina rehefa mizaha ny zaza vao teraka;<br><br>3. Manao fizahana tsotsotra ny zaza menavava. | Ny fotoana hanaovana fitsidihana ny zaza sy Ireo dingana 4 arahina raha hanao fizaham-pahasalaman'ny zaza menavava ;<br><br>Ny fotoana hanaovana ny tsidika fizahana<br><br>Ireo dingana 4 amin'ny fizaham-pahasalamana ny zaza menavava<br><br>- Fiomanana sy fanazavana amin'ny reny ny zavatra hatao<br><br>- Fametrahana fanontaniana interrogatoire , fizahana ny zaza vao teraka<br><br>- Toro-lalana;<br><br>- Fehin-kevitra ankapobeny | 5'<br><br>20'<br><br>5'<br><br>5'<br><br>45'<br><br>5' | Fanafanana ny sehatra<br>- Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana<br>Asa 1: Asa fampisehoana (demonstration)<br>Dingana a : mangataka ny mpiofana mba hanaraka sy hijery tsara ny fampisehoana ataony ny mpampiofana.<br>Mampiseho ny fizahana ny zaza ny mpampiofana sady manampy fanazavana amin'ny fotoana hanaovana ny tsidika.<br>Dingana b: Rehefa vita ny fampisehoana dia manentana ady hevitra ny mpampiofana mba hampivoaka ireo dingana 4 lehibe amin'ny fizaham-pahasalamana ny zaza menavava.<br>Dingana d: larahana mamaky ny voalaza ao anaty takelaka fizarana asa<br>Dingana e: Seho sehatra Fampiharana<br>Zaraina ho vondrona miaraka tsitelotelo ny mpiofana. Manome ireto toromarika ireto ny mpampiofana :<br>Ny mpiofana iray dia maka ny toeran'ny vehivavy avy teraka, ny faharoa mpanentana manao ny VAD sady manao ny fizahana, ny faha telo (sy fahaefatra raha misy izany) mihaino sy manara maso ny asan'ílay mpanentana ary manome fanitsiana arak'izay voalaza ao anaty takelaka rehefa vita ny fampisehoana.<br>Mifamadika andraikitra ireo mpiofana telo ary tokony samy manao fizahana avy.<br>Asa 2:<br>Famintinana<br>Fiverenana amin'ny tanjona manokana | Slide/Flipchart<br>Markers.<br><br>Saribakoly<br><br>takelaka fizarana asa<br>Saribaloly<br><br>Slide/flip chart tanjona |

TAKELAKA FIZARANA FIZAHAM-PAHASALAMANA NY ZAZAMENAVAVA

| |
|---|
| Ny tsidika fizahana dia atao :(ireo no fotoana mahafaty betsaka)<br>• Ny andro nahaterahana |
| • Telo andro ao aoriana |
| • Herinandro nahaterahana |
| Fiomanana |
| • Manazava amin'ilay reny ny zavatra atao ary manentana azy ametraka fanontaniana |
| • Akatona ny varavaran-kely sy ny varavarana mba tsy hisy rivotra mifamezivezy mety hampangatsiaka ny zaza menavava |
| • Manasa tànana amin'ny rano madio sy savony |
| • Manontany ny olana raha misy amin'ilay reny, ny finonoana, ny fangery, ny amany ary ny fambaraloza : |
| - Fanintona |
| - Tsy mety minono na tsy mahasitona nono |
| - Tsy mihetsika na zara fa mihetsika na reraka mafy |
| - Tsy mahatomany |
| - Mafana loatra na mangatsiaka loatra |
| - Misefosefo na sempotsempotra mitaraindraina |
| - Mibontsina ny kibony, mandoa |
| - Hatsatra na mivaloharika ny hoditra |
| - Mavo be ny tànana sy tongotra indrindra ho an'ireo zaza tsy ampy lanja |
| - Fihetsika hafahafa |
| • Mitady ireo fambara loza ihany koa (mijery, mihaino, manombolo) |
| o Ho an'ireo zaza tsy mihetsika na zara fa mihetsika (sarotra fohazina) : raha tairina izy dia mihetsika ihany |
| o Mijery ny olana fisefoana :<br>- minemponempona ny vavaorona<br>- mitaraindraina<br>- haingana ny fisefoana mihoatra 60/mn<br>- mifandrirotra ny ambany tratra |
| o Mitsapa raha mafana na mangatsika<br>- afaka mampiasa famantarana hafanana : diovina tsara ary atsofoka ao ambany helika mandritry 5 mn; tokony ho 36,5° – 37,5°<br>- na tsapaina ny tanany sy tongony ary kibony. |
| o Mijery sao mibontsina ny kibony sy mafy |
| o Jerena sao tratry ny otrikaretina ny foitra<br>o Jerena ao ambany tadipoitra :<br>▪ nisy nana<br>▪ menamena<br>▪ mivonto<br>▪ maimbo<br>Fanamarihina: raha andro nahaterahana dia jerena sao mandeha rà |
| Fanamarihana: *tonga dia hetsehina ny lamina fahamehana raha vao misy fambara loza* |
| Mijery manontolo ny vatan'ilay zaza |
| Eny amin'ny faritry ny loha<br>• jerena sao misy fery na mivonto ny hodi-doha |

| |
|---|
| • Jerena ny maso sao misy moty/taimaso sy mena |
| • Jerena sao misy vaky ny molotra |
| • Jerena ny aty vava sao misy vaky na rovitra |
| Eo amin'ny tratra<br>• Jerena raha miaina tsara lay zaza |
| • Jerena sao misy fivontosana ny nono : tsy ilaina poretina na dia mivonto aza |
| Kibo<br>• Jerena raha misy zavatra hafahafa na mibontsina |
| • Jerena ny foitra sy ny tadi-poitra : sao tratry ny otrikaretina |
| Ny taovam-pananahana<br>• Ny zazalahy : lavaka amany tokony eny amin'ny faran-tampon'ny filahiana, ny vihy. indraindray misy mivonto kely ny fonom-bihy fa tsy maninona fa afaka ho azy |
| • Zazavavy: jerena raha misy fantsona na tsia ary misaraka tsara ny molotra lehibe sy kely. Indraindray misy tsiranoka fotsy na rà fa tsy maninona akory izany |
| • Jerena raha misy ny lava-body |
| Ny ratsana<br>• Tsapana ny taolana, ny hozatra ary jerena ny fihetsika raha mitovy tsara |
| • Jerena raha mitovy halava ny ratsana |
| Ny ao an-damosina ( ahoaka ny zaza)<br>• Jerana raha misy mivonto sa lavaka |
| Jerena raha mahay mampinono tsara ny reny<br>• Ny fipetraky ny zaza sy ny reny<br>• Fandraisan'ny zaza ny nono |
| Famaranana :<br>• Raha misy tsy mety dia entanina ny reny hitondra ny zanany eny amin'ny toby |
| • Ampiarina ny lamina fahamehana |
| • Raha tsara daholo dia entanina ny reny amin'ny fanaraha mason'ny zaza ary hiantso raha misy zavatra hafahafa |
| • Milaza amin'ilay reny ny andro itsidihiana manaraka |
| • Manasa Tànana amin'ny savony sy rano madio |

## LESONA 8: Fihetsika vonjitaitra fameloman'aina ny zaza vao teraka

### VOTOATIN'NY LESONA

Maro ireo zaza menavava no maty an-trano, na an-dalana hamonjy tobimpahasalamana noho ny fahaverezan-dra be loatra, ny fahaverezan-drano be loatra, noho ny fanintona na ny dona teo ampiterahana.

Ity lesona ity dia entina hampianarana an'ireo mpiofana hifehy ireo hetsika vonjitaitra manoloana ny fahasarotana miseho eo amin'ny zaza aorian'ny ahaterahany, sy mandritry ny herinandro manarak'izany, mba hamelomana ny ainy mandrapahatonga eny amin'ny toerampitsaboana.

### TANJONA

Rehefa tapitra ny lesona, ny mpiofana dia tokony ho afaka:

1. Mitanisa fambara loza 6 mety hiseho eo amin'ny zaza menavava;
2. Mamelabelatra ny fihetsika vonjitaitra;
3. Manantanteraka ny trotro ankoditra ;

### FAHARETANY: 50'

DRAFITRY NY LESONA

TARANJA 3: Fandraisana an-tanana vonjitaitra ireo fahasarotana

Lesona 8: Fihetsika vonjitaitra fameloman'aina ny zaza vao teraka

| Tanjona manokana | Loha- hevitra | Faharetany 50' | Fizotran'ny lesona | Fitaovana |
|---|---|---|---|---|
| Rehafa tapitra ny lesona, ny mpiofana dia tokony ho afaka:<br><br>1. Mitanisa fambara loza 6 mety hiseho eo amin'ny zaza menavava<br><br>2. Manazava ireo fihetsika vonjitaitra<br><br>3. Manantanteraka ireo fihetsika vonji-taitra tokony hatao rehefa miseho ny tranga | Ireo fambara loza mety hiseo ho an'ny zaza menavava<br>- Hafana be na mangatsiaka loatra<br>- Misefosefo na sempotra<br>- Mifanintona<br>- Malemilemy tsy misetsitra na tsy mahatomany<br>- Feno nana sy maimbo ny maso<br>- Mibontsina ny kibo, mandoa izy<br>- Hatsatra mivaloarika ny hoditra<br>- Mavo be ny Tanana sy tongotra indrindra ho an'ireo zaza tsy ampy lanja<br>- Fihetsika hafahafa<br><br>Fihetsika sy torohevitra.<br><br>Fomba fanaovana trotro ankoditra<br><br>Fepetra arahina (ireo olona afaka manao ny trotro ankoditra, ny fahadiovana sy ny fahasalaman'izy ireo...)<br>Ny fitaovana ampiasaina<br><br>Fanaovana trotro ankoditra | 5'<br><br>20'<br>5'<br><br>15'<br><br>5'<br><br>20'<br><br>5' | Fanafanana ny sehatra<br>- Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana<br>Asa 1: Asam-bondrona<br>*Dingana a*: zaraina ho vondrona 3 ireo mpiofana ka asaina manondro mpitondra teniny ary mamaly ireto fanontaniana ireto ny vondrona tsirairay.<br>*Tanjona:*<br>Inona avy fambara loza eo amin'ny zaza menavava? Inona ny fihetsika azo atao? Hazavao?<br>*Faharetan'ny asam-bondrona : 10'*<br>*Dingana b*: manambara ampahibemaso ny valin'ireo fanontaniana ny mpitondra teny tsirairay. mitarika ady hevitra ny mpampiofana mba ahatongavan'ny amin'ny marimaritra hiraisana.<br>*Dingana d*: asehon'nympampiofana amin'ny flipchart ny valiny efa voaomana.<br>Asa 2: asa fampisehoana (demonstration)<br>Dingana a: Lazain'ny mpampiofana ireo fepetra arahina rehefa hanao trotro ankoditra<br>Dingana a: Lazain'ny mpampiofana ireo fitaovana ilaina<br>Dingana b: Fampiharana ataon'ny mpampiofana momba ny trotro ankoditra arahina fanazavana. Asaina manaraka tsara izany fampiharana izany ireo mpiofana.<br>Dingana d: Mangataka mpiofana iray mba hitanisa ireo fepetra sy ny fitaovana ilaina, avy eo mamerina ny fampiharana. Ny mpiofana no manome fanitsiana raha ilaina.<br>Asa 3:<br>Famintinana<br>Fiverenana amin'ny tanjona manokana | Flip chart<br><br>Boky |

FAMBARA LOZA EO AMIN'NY ZAZA MENAVAVA

- Mangatsiaka na mafana  hoditra loatra ;
- Misefosefo na  sempotra sy mitaraindraina ;
- Mifanintona;
- Malaina na tsy mety minono, tsy mahasitona nono;
- Tsy mihetsika na zara fa mihetsika na reraka mafy;
- Tsy mahatomany;
- Feno nana maimbo ny tatamaso;
- Mibontsina ny kibony, mandoa;
- Tsy ampy lanja indrindra raha mavo be ny tànany sy ny tongony;
- Hatsatra na mivaloharika ny hoditra ;
- Mampiseho fihetsika hafahafa (tsy mahazatra).

# FANDRAISANA VONJIMAIKA ENY AMIN'NY FIARAHAMONINA

1. Takelaka tsiahy fandraisana vonjimaika ny zaza menavava eny amin'ny fiarahamonina

**AMPIHARINA NY LAMINA VONJITAITRA/FAHAMEHANA. ILAZAO NY FIANAKAVIANA MBA :**

- Hanamora ny fanampahan-kevitra
- Hanomana ny vola mety ilaina
- Hikarakara ny fitaterana

**MIOMANA MBA HANARAKA ILAY RENY SY NY ZANANY**

- Arovana mba tsy hangatsiaka ilay zaza: atao trotro an-koditra
- Tohizana ny fampinonona raha mety

Hafanana be/mangatsiaka loatra

- Hamarinina ny hafanana: tokony 36°5 – 37°5
  - Raha manana fotaovana fakana hafanana na termometatra dia atao ao ambany heliky ilay zaza mandritry ny 5mn
  - Tsapaina ny kibony, felatanany sy felatongony: mafana mihoatra ny an'ny tena
- Atao izay hampidinana ny hafanana:
  - Trotro an-koditra
  - Asiana lamba mando rano mangatsiaka eny amin'ny loha
- Raha mangatsiaka:
  - Trotro an-koditra
  - Ampiana lamba matevina izy roa
  - Tsy atao misy tsio-drivotra ny trano (mikatona ny varavaran-kely sy ny varavarana)

Misefosefo na sempotsempotra

- Atao trotro an-koditra
- Omena rononon-dreniny amin'ny sotro kely

**Mifanintona**

- Raha misy hafanana : atao izay ampidinana azy:
  - Trotro an-koditra
  - Asiana lamba mandona rano mangatsiaka eny amin'ny loha
- Tsy omena sakafo na rano mandritry ny fihetsehany
- Atao mihorirana miankavia.

**Malemilemy/tsy mitsetsitra**

- Atao trotro an-koditra
- Omena matetika rononon-dreniny amin'ny sotro kely
- Arahina mandra-pahatongany any amin'ny tombi-pahasalamana

**Feno nana ny maso**

- Sasana madio tsara ny tànana (rano sy savony)
- Diovina amin'ny rononon-dreniny
- Fafana avy anatiny mankany ivelany amin'ny rano madio nangotraka nampangatsihana amin'ny fampiasana lambakely madio
- Soloina isaky ny maso ny lambakely
- Asiana pomady tetracycline ny maso raha misy

**Mihantsina n- kihon**

- Jereo fa mety tsy misy tay lomotra mivoaka
- Atao trotro an-koditra

**Zaza tsy ampy lania:**

- Atao trotro an-koditra
- Ampianarina ny reny hanapotsitra ny nono
- Omena matetika rononon-dreniny amin'ny sotro kely raha tsy mahatsetsitra
- Arahina maso ny fitombony
- Tandrovana tsara ny fahadiovana
- Tsy mila fampandroana
- Tsy atao misy tsio-drivotra ny trano (mikatona ny varavaran-kely sy ny varavarana)

## LESONA 9: Ny fiterena ny rononon- dreny

### VOTOATIN'NY LESONA

Mitondra vokatsoa maro eo amin'ny fahasalaman'ny zaza ny rononon-dreny indrindra ho an'ny zaza marofo.

Ity lesona ity dia hampitombo ny fahalalana sy ny fahaiza-manaon'ny mpiofana amin'ny fiterena rononon-dreny mba ahafahany manabe ny reny vao teraka manan-janaka tsy mahavita mitsetsitra na malaina mba ho famelomana aina ho an-janany.

### TANJONA

Rehefa tapitra ny lesona, ny mpiofana dia tokony ho afaka:

1. Hanazava ireo antony telo mety hilàna ny fiterena ny nonon-dreny;
2. Hilaza ireo fitaovana rehetra ilaina raha hitery ny nonon-dreny;
3. Hanatanterka fiterena ny nonon-dreny.

### FAHARETANY: 70'

DRAFITRY NY LESONA
TARANJA 3: Fandraisana an-tanana vonjitaitra ireo fahasarotana
Lesona 8: Fihetsika vonjitaitra fameloman'aina ny zaza vao teraka

| Tanjona | Loha-hevitra | Faharetany : 70 ' | Fizotran'ny lesona | Fitaovana |
|---|---|---|---|---|
| Rehefa tapitra ny lesona ireo mpiofana dia tokony ho afaka :<br><br>1- Manazava ireo antony telo mety hilàna ny fiterena ny nonon-dreny<br><br>2- Milaza ireo fitaovana rehetra ilaina raha hitery ny nonon-dreny<br><br>3- Manatanterka fiterena ny nonon-dreny | 1°/Ny antony iterena ny nonon-dreny<br>- Kely loatra ny zaza ka tsy afaka mitsetsitra<br>- Marary ilay zaza<br>- Mitohana ny ronono<br><br>2°/Ny zavatra ilaina raha hitery nonon-dreny,<br>- Kopy na tasy madio misy sarony , samy avy nampangotrahana<br>- Savony sy rano<br><br>3°/Ny dingana sy fomba fitery ny nonon-dreny<br>- Fiomanana : fanasana tanana sy ny nono<br>- Fanombohana<br><br>4./ Toro-marika sy fanamarihana samy hafa :<br>- Azo tehirizina iray andro ny ambin' ny ronono voatery<br>- Raha tsy mikoriana tsara ny nono dia asiana peta-mafana ; avy eo orina ny atoka sy ny lamosin'ilay | 5'<br><br>15'<br><br>5'<br><br>20'<br><br>15' | Fanafanana ny sehatra<br>Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana<br><br>Asa1 : fanontaniana arahim-baliny<br>Dingana a: Mametraka fanontaniana amin'ny mpiofana ny mpampiofana:Inona ny antony iterena ny nonon-dreny/ Nahoana no ilaina ny fi terena ny nonon-dreny<br>Raisina an-tsoratra ny valiny marina lazain' ny mpiofana<br>Dingana b: mijery ny voalaza ao anaty flip sady manao fampitahana amin' ny vali-teny voalazan' ny mpiofana<br>Asa2 : Fiaraha-mamaky<br>Dingana a :Miara-mamaky sy mamerina izay voasoratra<br><br>Asa3 : Asa fampisehoana<br>Dingana a :Miara-mamaky sy mijery ny sary ary mamerina izay voasoratra Mampiseho ny fihetsika voalaza ao amin' ny boky sady manazava ny mpampiofana<br>Dingana b: Mangataka mpiofana iray hamerina ny fihetsika rehetra nataon' ny mpampiofana. Ny mpiofana sisa dia mijery sy manome fanamarihana rehefa vita ny seho.<br>*Dingana d:* mametraka fanontaniana ny mpampiofana: azo tehirizina firy andro ny ronono voatery?<br>Tohizana amin' ny fiaraha-mamaky ny fanazavana ny toro-marika sy fanamarihana. | Flip objectif/<br>Slide objectif<br><br>Boky<br><br>Boky |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| | reny<br><br>- Azo terena mivantana any amin' ny vavan' ny zaza ny ronono<br><br>- TSY AZO ATAO ny:<br>➢ Manaporitra mafy loatra ny nono<br>➢ Misintona ny nono<br>➢ Managorisa ny Tanana roa | 5' | Asa 4 : Famintinana<br>Fiverenana amin' ny tanjona manokana | |

NY ANTONY ITERENA NY NONO

- Kely loatra ny zaza dia tsy afaka mitsetsitra.
- Marary ilay zaza dia tsy afaka mitsetsitra.
- Mitohana ny ronono.

FITAOVANA ILAINA

- Maka kôpy na tasy madio (avy nampangotrahina)
- Saronana tsara lay kôpy misy ronono mba tsy ho tratry ny loto sy vovoka

FOMBA FITERENA NY NONON-DRENY

Fiomanana

- Sasàna madio tsara amin'ny savony sy rano ny tànana
- Maka toerana tsara na mitsangana mitazona ny kôpy

Fanombohana

Orina miodina ny nono manantona ny faritra mainty
Afindrafindra ny otra



Safosafoina malefaka  ny faritry ny nono avy any ambony mankaty ambany



Miondrika mankany aloha dia ahontsakontsana ny nono



## Ambaratongan'ny fiterena

1. Apetraka ambony ny ankihibe ary eo ambany ny fanondro sy fanondro adala manodidina ny faritra maintin'ny nono, nanome sary litera C eo amin'ny sary. Eo ambany no misy ireo fitoeran'ny ronono



Tsy mety ny mameno ny nono (litera O

2. Poretina mankany amin'ny tratra ireo rantsana. Tsy sokafana ny rantsana




3. Ahodina mankaty aloha ireo rantsana : manery ireo tranon-dronono ary mamoaka ny ronono
4. Averimberina ireo fihetsika ireo mba ahafahana mandritra ny ronono: apetraka – poretina – aodina




5. Ahodina indray ny rantsana mba ahafana mandritra ireo tranon-dronono




### Fihetsika tsy mety:

Manaporitra mafy loatra

Misintona




Managorisa ny tànana

2- Raha sendra tsy mikoriana tsara ny ronono:

- Asiana peta-mafana ny nono: maka tapa-damba madio dia vontosana rano mafana dia apetaka eo amin'ny vatanono
- Alohan'ny fiterena ny nono dia horina ny atoka sy ny lamosin'ilay reny

**3-** Azo atao koa ny mitery ny ronona mankany mivantana ho an'ilay zaza

- Atao eo akaiky ny loha nono ny vavan'ilay zaza
- Poretina ny lohanono mba hitete eo amin'ny molotry ny zaza ny ronono
- Rehefa manokatra ny vavany ilay zaza dia poretina mankany am-bavany ny ronono
- Andrasana ateliny ny ronono vao tohizana
- Azo averina isaky ny adiny irayna
  roa izany.

## LESONA 10: Fanangonana antontan'isa sy fanaovana tatitra

### VOTOATIN'NY LESONA

Manan-danja ho an'ny tetik'asa ny ahazoany ireo antontan'isa mikasika ny asa nation'ireo mpandray anjara rehetra mba ahafahana manaraka ny fandrosoana mankany amin'ny tanjona.

Ity lesona ity dia hanampy an'ireo mpiofana ahalala ireo antontan'isa ilaina sy hifehy ny famenoana ny tatitra tokony ataony.

### TANJONA

Rehefa tapitra ny lesona, ny mpiofana dia tokony afaka:

1. Mameno ny ireo fisy karazany roa fanaovana tatitra

DRAFITRY NY LESONA:
FIZARANA I: Fakana antontan'isa sy tatitra
Lesona 9: Famenoina ireo fisy fanaovana tatitra

| Tanjona manokana | Loha- hevitra | Faharetany: 40' | Fizotran'ny lesona | MATERIELS DIDACTIQUES |
|---|---|---|---|---|
| Rehefa tapitra ny lesona, ireo mpiofana dia tokony ho afaka:<br>1. Mitanisa ireo antontan'isa trandrahan'ny tetik'asa.<br>2. Mameno ny ireo fisy karazany roa fanaovana tatitra. | Fisy fanaovana tatitra isam-bolana<br><br>Fisy fanaraha-maso | 5'<br><br>30'<br><br>5' | - Fanafanana ny sehatra<br>- Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana<br><br>Asa 1: Fanazarana<br>Dingana a: Zaraina ireo fisy roa fanaovana tatitra; iaraha-mamaky ny voalaza ao anatiny ary atomboka amin'ny fisy fanaovana tatitra isam-bolana. Arahin'ny mpampiofana fanazavana ny voalaza ao anaty fisy.<br><br>Dingana b: Avoaka amin'ny slide ny laza adina fanazarana ary samy mameno ny fisy ny mpiofana tsiarairay<br><br>Dingana e: Entanin'ny mpampiofana ny fitsarana sy ny fanitsiana mba hahazoana valiny marina avy amin'ireo mpiofana<br><br>Asa 4: Famintinana<br>Fiverenana amin'ny tanjona manokana | Flip chart<br><br>Annexe etsy ambany Fanazarana Famenoina tatitra<br><br>Fisy fanaovana tatitra isam-bolana<br><br>Fisy fanaraha-maso |

FISY FANAOVANA TATITRA ISAM-BOLANA:

Fisy nataokana hanaovan'ny mpanentana tatitra isam-bolana sy hilazany ny isan'ireo vehivavy bevohoka na tera-bao ary ireo zaza menavava arahany maso nanditra ny volana iray. Ao anaty io fisy io ihany koa no hilazan'ny mpanentanan ny isan'ireo vehivavy na zaza menavava nisy fambara loza isaky ny karazany avy sy ny isan'ireo vehivavy na zaza menavava nateriny antanana teny amin'ny tobim-pahasalamana.

FISY FANARAHA-MASO

Ity fisy ity kosa dia natao hilazan'ny mpanentana ny asa izay nataony isaky ny vehivavy bevohoka na tera-bao notsidihany. Tokony ho voalaza ao ny mombamomba ireo vehivavy ireo, ny loha-hevitra fanentanana nataon'ny mpanentana, ny fambara loza niseho raha toa nisy izany sy ny fihetsika nataon'ny mpanentana manoloana izany fambara loza izany.

TRANGA FANAZARANA FAMENOINA TATITRA

Mpanentana ara-pahasalamana miasa amin'ny Fokontany Andapa, kominina Ambatoharanana distrikan'i Fenerive-Est i Toto Armand. Nandritra ny volana mars taona 2013 izy dia nanaramaso vehivavy bevohoka 2 izy ary vehivavy vao tera-bao iray.

Toy izao avy ny mombamomba ireo vehivavy bevohoka telo.

Rasoa no notsidihany voalohany tamin'ny 7 mars, efa 7 volana nitondrana vohoka 35 taona ary manan-janaka 4, fambolena no foto-pivelomany ary Taona 5 no fianarana vitany. Nanavy nisy hafanana be I Rasoa ka voatery naterin'I Toto Armand teny amin'ny tobim-pahasalamana.

Raivo no notsidihany faharoa tamin'ny 10 mars, vao 4 volana nitondrana vohoka 21 taona ary mbola sambany vao nananjanaka, kilasy faha 4 teny amin'ny CEG no fianarana vitany ary mpivarotra ry zareo. Somary nisy valan'aretina ny tanàna ka isan'ny nanavy koa i Raivo saingy tsy afaka nanatitra azy teny amin'ny tobim-pahasalamana i Toto Armand.

I Sahondra kosa ilay vehivavy vao tera-bao, salama tsara izy fa ilay zaza no tsy ampy lanja ka nampianarin'I Toto an'I Sahondra ny fanaovana trotro ankoditra. Tamin'ny 15 mars izy no nitsidika azy voalohany ary mbola niverina tany izy afaka telo andro.

*Laza adina:*

Fenoy ny fisy tatitra isam-bolana sy ny fisy fanaraha-maso.

## TAKELAKA FANAMPINY

## DIKATENY NA FITENY HAFA

| | |
|---|---|
| Fahavakisana | Rovitra |
| Fikaikonana | Fifitinana, fiorenana |
| Fanintona | Tambio, |
| Fady amin'ny sakafo | Besaro |
| Fambara loza | Soratra aretina izay mety mitarika fahafatesana |
| Aretina | Fitambaran'ny soratra aretina |
| Mahavehivavy | Mahaampela , fanambany |
| Polesina | Poretina |
| Manombolo | Mifofona |
| Lava-body | Maso-pory |
| Renin-jaza | Mpanavanana |